EMBARGO JUSQU'AU: 5 heures, le 25 février, 2015

Contact pour les médias (Français et Malgache):
Jonah Ratsimbazafy
Conseiller du projet, Lemur Conservation Network
+261 20 22 660 48
+261 033 12 338 83
jonah@gerp-mg.org

Contact pour les médias (Anglais):
Christoph Schwitzer
Conseiller du projet, Lemur Conservation Network
Directeur de la conservation, Bristol Zoological Society
Royaume-Uni Numéro de téléphone: 0117 974 7358
cschwitzer@bristolzoo.org

Ny tambazotra fiarovana ny Varika/Gidro (Lemur Conservation Network) dia ivondronan'ireo fikambanana miohatra ny 40 mba hanantanteraka nyDrafitr'asa ho an'ny Varika (Lemur Action Plan), tetik'asa mihevitra fa tetibola eo amin'ny 7 tapitra dolara no afahana miaro ny Varika eto Madagasikara.

Misy tetik'asa vaovao mikendry ny ampiray ny ezaka ankapobeny ho fiarovana ny karazan-biby miteraka mitady ho lany tamingana.

Washington, DC (USA) –Iray taona izay, primatologista/mpikaroka momba ny Primates avy amin'ny Bristol zoological Society, Conservation International sy ny "Primate Specialist Group" avy amin'ny "Species Survival Commission" eo anivon'ny "International Union for Conservation of Nature" dia namoaka drafitr'asa mandritra ny 3 taona ho fiarovana ny Varika an'iMadagasikara (Lemur Action Plan). Karakarain'ny "primatologista"anjatony maneran-tany ilay drafitr'asaka mikendry toerana nofinidy ho manan-danja 30 manerana an'iMadagasikara izay miaraka amin 'ny fiarovana stratejika maika.

Tao anatin'ny herintaona dia mihoatra ny 40 ny fikambanana mivondrona mba hananganany**"Lemur Conservation Network"** (www.lemurconservationnetwork.org) ho fandrindrana ny fiarovana eto Madagasikara sy hanainga ny mpanome antsitra-po hanampy ny drafitr'asa Varika izay mitentina 7 tapitrisa dolara. Ity toro-lalana amin'ny fanomezana amin'ny tranokalam-pifandraisana (internet) ity dia mba hanamora ireo mpanome antsitra-po ahita ireo fikambanana miaro ny Varika ary hanao izay hanintona olona amin'ny alalan'ireompikaroka sy mpitarika amin'ny fiarovana. Ity tambazotra ity (Network) dia ahitana vondrona fanta-daza toa an'ny Conservation International, WWF Madagascar ary Centre ValBio ankoatran' ireo vondrona amin'ny habehiny samihafa avy

any Etazonia, Frantsa, Germany, Angletera ary Madagasikara izay ahitana ny Association Mitsinjo sy ny Ivontoerana Famonjena ny Maki an'i ONG Reniala.

Mba ahamoronana ny fampandehanana ny Lemur Conservation Network, ny IUCN SSC Primate Specilist Group dia miara-miasa amin'I Lynne Venart avy amin'ny Washington design firm The Art Monkey LLC (www.theartmonkey.com). Noho ny fitiavany Varika sy ny fahaizany manokana momba ny famoronana tranokalam-pifandraisana (web designer)azy, Venart dia miaiky fa ny drafitr'asa Varika dia mila fanampiana amin'ny fanoroana ny fomba fanomezana amin'ny alalan'ny tranokala, noho izany Venart sy ny mpanolo-tsaina avy amin'ny IUCN SSC Primate Specialist Group dia mikendry ny hamorona sehatra"ivondronan'ireo fikambanana Malagasy miasa ho an'ny Varika sy ampiroboroboana ny fiarovanaazy ireo ho an'ny olona maneran-tany.

Dr. Christoph Schwitzer avy amin'ny Bristol Zoological Society, izay nanoratra ny Drafir'asa Varika sady mpanolo-tsaina ao amin'ny Lemur Conservation Network dia milaza fa: " NyDrafitr'asa an'i IUCN dia manome antsika fitaovana iadiana amin'ny fandringanana ny Varika. Ny zava-misy dia izao raha tsy miara-miasa malaky isika dien'izao dia mety tsy ahita karazam-barika iray ao anatin'ny taon-jato 2, izay sambany. Nyzava-dehibe amin'ny ity tetik'asa ity izay efa nomarihina ao amin'ny drafitr'asa Varika –n'i IUCN dia tsy azo hodian-tsy hita.

Maherin'ny 90% ny karazana Varika izay ahiana ho lany tamingana dia mila fepetra matotra fiarovana haingana. Maherin'ny 80% ny alan'i Madagasikara efa rava ka tsy misyVarika ary mbola ahiana koa ny fihazan' azy ireny sy famarotana tsy ara-dalana izay mampidi-doza ny Varika. Vokatry ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa Varika miisa 28.000 no tombanana fa any amin'ny olona tsy nahazo alalana hitazona Varika.

Dr. Russ Mittermeier, filohan'ny IUCN SSC Primate Specialist Group sady filohal efitry ny Conservation International dia milaza fa "Tsy misy fisalasalana fa ny Varika dia mampiavaka an'I Madagasikara maneran-tany ary misy tombony lehibe eo amin'ny lafiny siantifika, ara-kolotsaina ary ekonomika ny fisian'izy ireo. Ny governemanta sy ny fiaraha-monim-pirenena amin'ny dingana rehetra dia tokony hifantoka amin'ny fiarovana ny Varika."

"Ny Varika dia toy ny gisa manome sy mikotrika atody volamena ho an'I Madagasikara, ka ny mpizahan-tany dia tsy ho avy hijery ala babangoana tsy misy Varika. Anarivony ireo fianakaviana miaina amin'ny sehatry ny fizahantany" hoy Dr. Jonah Ratsimbazafy, filoha lefitry ny IUCN SSC Primate Specialist Group sady sekretera jeneralin'ny GERP, fikambanana mampifandray ny siantifika Malagasy amin'ny fianakaviam-be iraisam-pirenena mba hampiroboroboana ny fahaiza-miaro ny Varika ao an-toerana voajanahary misy azy.

Dr. Steig Johnson, mpanolon-tsaina ao amin'ny Lemur Conservation Network dia te hilaza hoe: "Ny Varika dia mitana anjar'andraikitra lehibe ao amin'ny fitomboana sy fihitaran'ny ala. Koa raha tsy misy azy dia mety tsy hahita ireo tontolo voajanahary izay manome rano madio sy sakafo ary fialofana ho an'ny olona maro any ambanivohitr'i Madagasikara. *Fiarovana ny Varika midika fiarovanany foto-piveloman'nyolona."*

Ny fanokafana ny fandehanan'ny tranokala www.lemurconservationnetwork.org amin'ny fomba ofisialy, 25 Febroary. Ny 19 Martsa, ny tambazotra dia mampiantrano nylanonam-panokafana atao ao amin'ny Right Proper Brewing Company ao Washington, D.C.

Ny mombamomba ny Lemur Conservation Network rehetra dia hita ao amin'ny www.lemurconservationnetwork.org/presskit/. Afaka hita ao amin'ny pejy facebook (www.facebook.com/lemurconservationnetwork) sy twitter (www.twitter.com/LemurNetwork) ihanykoa.